Aza manao tsinontsinona ny asa soa, na dia amin'ny endrika falifaly aza no rehefa mifanena amin'ny rahalahinao

Tatitra azo avy tamin'i Abi Zarry (R.A) niteny : Niteny tamiko i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Aza manao tsinontsinona ny asa soa, na dia amin'ny endrika falifaly aza no rehefa mifanena amin'ny rahalahinao."

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Namporisika antsika hanao ny asa soa sy tsy hanao tsinontsinona an'ireo asa i Mpaminany (S.A.W), na dia hita fa kely aza izany asa izany, anisan’izany ny tsiky amin'ny fomba malalaka rehefa mihaona amin’ny Olona, ka tokony hifikitra amin'izany ny mpino silamo; Satria mampionona ny rahalahy silamo izany ary mitondra fifaliana ho azy.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/5348